Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Faritany
Afovoany Andrefana

Ho an'i Pasitera RAZAFIMAHATRATRA Marcellin Ismael sy
Rtoa RALANTONIRINA Vadiny sy ny Zanany, ary ny
Fianakaviana manontolo

Ho an'dRtoa RAFELIMANANA Lala, Filoha, ny Birao sy ny
Tafo FPMA Athis-Fanantenana,

Antony : Fiaraha-miory sy fampaherezana Angers faha, 1 Aogositra 2020

Ry Havana ao amin'ny Tompo,

Ho ampitomboina mandrakariva aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana !

« ..Na dia levona aza ny nofoko sy ny foko, dia mbola vatolampin'ny foko sy anjarako mandrakizay Andriamanitra… »

Izany teny avy ao amin'ny Salamo 73.26 izany no entinay mpiray tampo aminareo avy ato amin'ny Birao, ny Komity sy ny Tafo 5 *(Nantes – Paris – Poitiers - Rennes - Tours)* ary ny Fiaraha-mivavaka Vierzon-Bourges eto amin'ny Faritany Afovoany Andrefana ho fampaherezana sy hanehoanay ny fiaraha-miory tanteraka aminareo, nohon'ny fodiamandrin'ny Renim-pianakaviana ***Rtoa RAVELOARISON Jeanine***.

Ny varavarana nivoahana mantsy, Tompoko, no anareo, fa ny fahoriana sy ny alahelo dia iarahantsika mianakavy mizaka. Ary amin'ny maha-kristianina antsika no ampitrakanay sy ampahatsiahivana entona fa amin'ny fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no mbola hihaonantsika indray amin'ny Reny nodimandry, ka mahaiza mionona Tompoko

Isaorana ny Tompo nampindrana azy nandritra ny taona maro niarahany taminareo sy ny Fianakaviana manontolo ary ny mpiara-belona taminy

Mitondra anareo amim-bavaka izahay, mametraka feno eo amin'nyTompo ny fandaminana sy ny fikarakarana rehetra amin'ny adidy farany hatao aminy ary Manonona ny Fiadanan'ny Tompo ho aminareo !

RAOBINARISON Hanitra, Mpitandrina Mpandrindra,
RADISON Tiana, Filoha